


**Andohan'Analakely, ny 22 Jolay 2013**

Nindramiko ity lahatsoratr'i Lalou ity satria tena mitaratra ny tena zava-misy sy fomba fanaon'ireo milaza fa mpanao polifika avo lenta eto amin'ny tanàna. Oviana moa no nisy famoriam-bahoaka farany raha tsy omaly 22 Jolay 2013 ary iza no niseho nitarika? Ka asa, mandaitra angamba any ivelany amin'ny alàlan'ny Internet. Fa ny zava-misy eto an-toerana aloha dia tsy rototra intsony ny tena vahoaka mitady vola isan'andro elingelenina amin'ny tsy antony mazava. Izao ilay hoe: manaraoraotra ny fahantran'ny sasany. Fa ny tena mahantra dia ireo mpanao politika miseho be vola kanefa tsy manefa ny *"trosany".* Fahantrana eo amin'ny lafin'ny toe-tsaina izany. Iza no tena ho voa mafy? Ny Firenena hatrany.

**Jeannot Ramambazafy**

*********************

**Inty sy nday: Mamita-tena !**




[Lalou – La Gazette de la Grande île, 23.07.2013]